



# LETTRE MENSUELLE

“Le Royaume des cieux est tout près de vous” Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement”

BUREAU CENTRAL DE LA FPMA

NOVEMBRE - DECEMBRE 2019

N° 007

« Aza matahotra ianao, fa momba anao Aho; Ary aza miherikerika foana, fa Izaho no Andriamanitrao; Mampahery anao Aho sady mamonjy anao; Eny, mitantana anao amin'ny tanana ankavanany fahamarinako Aho. »

Is 41.10

Faly miarahaba antsika nahatratra ny taona vaovao 2020 ry havana. Lettre Mensuelle Nov - Dec ity kanefa



noho ny fahatarana, izay ifonana aminareo, dia izao fiandohan'ny taona vaovao izao vao afaka navoaka. Koa na dia mbola ho avy aza ny Lettre Mensuelle volana Janoary 2020 dia mahafaly anay ny mirary ny fahasoavan'ny Tompo ho anareo amin'ny alalan'ity teny ao amin'ny Is 41.10 ity.

Eo anatrehan'ny fahasarotan'ny fiainana sy ireo ady atrehintsika eo amin'izao tontolo izao dia teny tsotra no apetraka amintsika: “Matokia ny Tompo” satria mitantana antsika amin'ny tanana ankavanany fahamarinany Izy ary mandroso eo alohantsika.

Izy anie hanome fandresena ny tsirairay eo amin'ny lafimpianana rehetra. Ary ny fiadanana sy fahazavan'i Kristy anie hanaraka antsika mandritra izao taona 2020 izao.

Dr Seth RASOLONDRABE

## “Zanako Hianao, Izaho niteraka Anao androany” (Hebreo 1b:5)



Ny Andro Krismasy no ankalazaintsika ny naterahan'i Kristy. Ary mipetraka avy hatrany ny fanontaniana hoe : Fa iza marina moa io zaza teraka io no misy fankalazana tsy misy toa izany maneran-tany isan-taona isan-taona. ? Andriamanitra Izy tenany no manambara aminy hoe : « Zanaka Hianao »

### 1. Zanak'Andriamanitra manao ahoana tokoa moa io zaza teraka io ?

Ny Fanekem-Pinoana ambarantsika isaky ny Alahady dia manambara mazava fa i Jesoa Kristy inoantsika dia « notorontoronina tamin'ny Fanahy Masina, naterak'i Maria Virijiny ». Teraka ho olona tokoa hita maso. Olombelona toy ny olombelona rehetra nefa miampy zavatra hafa ihany koa izay tsy hita maso : Nateraky ny Fanahin'Andriamanitra : « Izaho no niteraka Anao androany ». Ary izany Fanahin'Andriamanitra izany no maha-Andriamanitra an'Andriamanitra. Koa Andriamanitra, Zanak'Andriamanitra naterak'Andriamanitra Ray i Jesoa Kristy.

Nasehon'i Jesoa Kristy tamin'ny fomba maro ny maha-Andriamanitra Azy raha tsy hitanisa hafa tsy ny fananganana an'i Lazarosy tamin'ny maty, izany hoe, manampahefana na dia amin'ny fofonaina mahavelona aza izy. Sitrana ny marary, voaraka ny devoly, mitsagako-velona ny maty. Iza ankaotra an'Andriamanitra no mahavita izany. Sady mahalala ny lasa sy ny ankehitriny ary ny ho avy (omniscient), mahefa ny zavatra rehetra (omnipotent), misy azy avy na aiza na aiza (omniprésent).

Miavaka amin'ny samy olombelona i Jesoa Krsity. Voambara fa tsy mahalala ota, tsy manana heloka. Avy

amin'izay no ihavian'ny voambolana avy amin'ny teny latina hoe « Impeccable ». Amin'ny teny latina mantsy ny hoe « pecca » dia midika hoe : fahotana, fahadisoana. Ilay teny hoe « Impeccabilité » izany dia midika hoe : tsy mahalala ota, izany hoe : tsy manota. Masina sy Marina eo anatrehan'Andriamanitra. Izy irery ihany no toa izany (Unique en son genre / Zanaka Lahy Tokana)

Andriamanitra dia Fitiavana noho izany dia Fitiavana ihany koa Jesoa Kristy Zanany. Izy no nahatanteraka ny lalam-pitiavana “tiavo ny namananao”. Hoy ny voalazany : « Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany. » (Jaona 15:13). Onena ny azon'ny manjo, niaro ny madinika indrindra, nanao ny ainy ho tsy ho zavatra, nanome hasina hatrany an'Andriamanitra araka ilay hoe “tiavao Andriamanitra”

### 2. Raha izany ary ny maha-Zanaka Andriamanitra an'i Jesoa Kristy; ahoana kosa ny amintsika Kristiana ?

Voalaza ombieny ombieny fa tsy tena millionaire ny millionaire raha tsy manana fara faha-keliny un million. Fa raha mbola tsy feno ny million dia tsy mbola millionaire izy. Tahaka izany koa ny kristiana, tsy kristiana ny olona iray raha tsy manana an'i Kristy ao aminy. I Paoly Apostoly dia nanambara mazava fa : « Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy. » (Galatiana 2:20).

# Fizarana sy fijoroana vavolombelona

Ny kristiana tsirairay dia manana fiteraham-baovao ao amin'i Kristy dia ny ho teraka ho zanak'Andriamanitra ihany koa : « Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery\* ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany, [\*Na: anarana, na fahefana] » (Jaona 1:12). Ny Kristiana dia mambra ny fianakavian'ny Mpino nandray an'i Kristy, nahazo hery ka lasa Zanak'Andriamanitra amin'ny fananganan'anaka mpiray lova amin'i Jesoa Kristy, indrindra ny lova arapanahy.

Hany ka raha mitopy maso mijery ny kristiana Andriamanitra dia ny fahamarinana sy ny fahamsinan'i Kristy no tazany : « Fa na iza na iza ianareo no natao batisa ho an'i Kristy dia nitafy an'i Kristy. » (Galatiana 3:27). Tsy kely kely maka vahana anatiny sy ivelan'ny Kristiana ny maha-Andriamanitra an'i Kristy. Maka ny toerany hatrany ny fitiavana ny hafa sy ny fitiavana an'Andriamanitra.

Kanefa miantefa ihany koa amin'ny kristiana tsirairay ny Fitiavan'Andriamanitra satria zanany isika. Raisiny ho adidiny manokana : « Iza no lazan'i Jehovah ny Iray Masin'ny Isiraely, dia ny namorona azy: Ny amin'ny zavatra ho avy no anontanio Ahy; ary ny zanako sy ny asan'ny tanako dia aoka ho adidiko ihany. » (Isaia 45:11).

Tsarovy ry havana fa ny Andro Krismasy dia tsy ny naterahan'i Kristy ihany no ankalazaina fa mankasitraka an'Andriamanitra ihany koa nampiteraka antsika ho olom-baovao nateraka ho zanakan'Andriamanitra : « Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo. » (2 Korintiana 5:17). Fotoam-panavaozana ny fanolorantenantsika ho zanak'Andriamanitra ny Fotoan-Krismasy toy izao satria natao ho antsika ihany koa tamin'ny fotoam-piteraham-baovao ilay teny hoe : "Zanako Hianao, Izaho niteraka Anao androany" (Hebreo 1b:5).

Mirary raha mirary ho antsika tsirairay avy ry havana, Krismasy Sambatra omban'ny Fahasoavana sy ny Fitiavan'Andriamanitra.

Falimanana RAHARINDRANTO, Mpitandrina.



**« Izay efa renay, izay efa hitan'ny masonay, izay efa nojerenay sady efa notsapain'ny tãnanay... izay efa hitanay sy renay no ambaranay aminareo »**

I Jaona 1b ; 3a.

Izany tenin'ny Apostoloy Paoly izany no manosika anay amin'izao santionan'ny « Fizarana sy Fijoroana vavolombelona momba ny tantaran'ny FPMA » izao (Partage et Témoignage d'un Ancien) nampanaovina ny mpanomponareo tany amin'ny Zaika Be 1 2 3 Nov 2019, tany Ste Tulle, Faritany Atsimo atsinanana FPMA.

**SAMBATRA NY FPMA !** Toy ny ankizy milaza amin'ireo namany hoe « Sambatra ianareo » rehefa misy fahasoavana manokana azon'ireo namany, dia toy izany koa, rehefa mahatsiaro ny tantaran'ny FPMA isika dia afaka mamintina mazava hoe **SAMBATRA NY FPMA**. Noho zavatra telo (I II III) farafahakeliny izay misongadina :

**I) ANDRIAMANITRA MANANA ANTISO MANOKANA HO AN'NY FPMA hatrany amboalohany (1959):**

**AntsoA:** FPMA antsoin'Andriamanitra ho LOHALAHARANA amin'ny FIRAISANA / ho VAVOLOMBELON'NY FIRAISANA. (FPMA Locomotive de l'Unité / Témoin de l'Unité). Oh FPMA santatry ny Fiangonana Protestanta Malagasy Miray (Luthéro-Réformée/ FJKM) hatrany amboalohany

**AntsoB:** FPMA antsoin'Andriamanitra ho 1) Fiangonana, 2) Protestanta, 3) Malagasy, 4) Aty Andafy hatrany

amboalohany

**AntsoC:** FPMA antsoin'Andriamanitra ho FIOMBONANA MIROSO amin'ny ASA MISIONA (Communion en Mission). Izany no firehana teolojikan'ny FPMA (orientation Théologique de la FPMA) lanin'ny Synoda lehibe 1999.

**II) MIASA FOANA NY MPANAO TRANO RAHA TSY JEHOVAH NO MANAO AZY:** ary "Sambatra ny olona mametraka ny Tokiny amin'I Jehovah" Sal 40:4a

Maro be ireo Sakana sy asan'ny Fanahy Ratsy eny amin'ny rivotra niseho tsy hahatanteraka ireo Antson'Andriamanitra ireo. Fa tobaka kosa hatrany ny Fahasoavan'Andriamanitra sy ireo asa tana-maherin'ny Fanahy Masina mandresy hatrany ny sakana rehetra (na tsy teo no eo aza). Ohatra,

**Ohatra A1: Sakana asan'ny nofo**

– Mifaninana ny FJKM sy FLM any Madagasikara, koa ny KP ANTSIRABE 1996 dia nanapaka fa esorina ny hoe "Tanjona ny hahatonga ho Fiangonana iray ny FJKM sy FLM" koa dia nosoloina hoe "Fiarahamiasa" sisa eo amin'ny FJKM sy FLM any Madagasikara. Nanatrika izany solontenan'ny Birao Fiobe FPMA ny Past Aubert Rabenoro sy Past Razanajohary.

Rehefa nanontaniana ary hoe ahoana ny amin'ny FPMA izay efa miaina izany firaisana izany (sady misy mpikambana avy amin'ny FJKM no misy avy amin'ny FLM), dia omeo fahaleovantena ny FPMA hoy ny mpivory. Tsy nangatahana fa nomena



izany ny fahaleovantenan'ny FPMA.

Noraisin'ny FPMA kosa izany ho hampiasain'ny Tompo hahasoia izay rehetra tia an'Andriamanitra. Ny FPMA nanamafy hatrany ny faniriany hanohy hiara-hiasa amin'ny FLM sy FJKM, FFPM. Nijanona avokoa ny fanampiana ara-bola rehetra azon'ny FPMA hatreo (subventions internationales), satria tsy miankina amin'ny FFPM intsony ny FPMA

– **Noho ny Fahasoavan' Andriamanitra sy ny asan'ny FANAHY MASINA** kosa dia tsy maty na nianjera ny FPMA. Natao ireo vonjy rano vaky maro nahazoana enti-manana. Natomboka ny fampiakarana ny adidy avy amin'ny Tafo, izay sarotra sy fitaizana lavitr'ezaka be, nefa vita **NOHO NY FANAHY MASINA**, na aman-taonany maro be aza. Misy mpitahiry vola Birao Foibe mamoka "chèque" ampaosy (chèque personnel) mandoa ny fiveloman'ny Past Synodaly tamin'izany. Ireo mpikambana Birao Foibe rehetra (mpitandrina sy laika) mandoa ampaosy (tsy mahazo "remboursement") ireo sarandalana amin'ny fivoriana samihafa (Synoda, Komity Maharitra, Birao sns...).

**Noho ny Fahasoavan'Andriamanitra sy ny asan'ny FANAHY MASINA** ihany dia indro ny FPMA nataon'ny Tompo lasa mpikambana Conseil Oecuménique des Eglises (1998), LWF (Fédération Luthérienne Mondiale / 1999), ARM (Alliance Réformée Mondiale/1999 – Lasa CMER), FMBM (Fikambanana Mpampiel Baiboly eto Madagasikara 2004), FPF (Fédération Protestante de France / 2007, ANELF (Alliance Nationales de Eglises Luthériennes de France / 2008); Vaky vava ny tany GENEVE LWF hoe ianareo FPMA dia isan'ireo Fiangonana vitsy dia vitsy, 5 monja eran-tany

tamin'izany, sady mpikambana LWF (Fédération Luthérienne Mondiale) no Mpikambana ARM (Alliance Réformée Mondiale – Lasa CMER)

#### **OHATRA A2: Sakana asan'ny nofo**

– Mifaninana ny FJKM sy FLM any Madagasikara, koa nanangana Tafo FLM maromaro aty Frantsa. Lasa nanangana Tafo FJKM maromaro aty Frantsa. Lasa misy synodam-paritany FJKM Frantsa. Vaky loha, Nivavaka, Nivory sy nandinika izahay Birao Foibe FPMA.

– **Noho ny Fahasoavan' Andriamanitra sy ny asan'ny FANAHY MASINA** kosa dia tsy maty na nianjera ny FPMA. Vao maika Fahasoavana tobaka. Lasa nitombo be ny isan'ny Tafo; maro be ireo Tafo FPMA vaovao mitsangana amina tanàna tsy mbola misy fiangonana Malagasy. Tafo 23, lasa Tafo 28, lasa Tafo nihaotra ny 30...oh (tsy milahatra) Tafo Avignon, Tafo Annemasse, Tafo Rennes, Tafo Clermont Ferrand,...Tsy tambo isaina. Nihena be ny isan'ny Tafo FLM sy FJKM, lasa vitsivitsy sisa. Ny namana FLM moa dia miteny mihitsy hoe 'tsy misy miady isika samy mpiray tanàna fa nahazo baiko izahay avy any Madagasikara dia nanangana Tafo FLM'. Maro be ny mpikambana FLM na FJKM mbola miangona amin'ny FPMA sy/na mpikambana FPMA. Ny mpitondra, indrindra any Madagasikara no mifaninana fa tsy ny vahoaka Kristianina, indrindra aty andafy.

#### **OHATRA A3: Sakana asan'ny nofo**

– Mifaninana ny FJKM sy FLM any Madagasikara dia tsy mety manaiky fangatahana fiaraha-miasa ataon'ny FPMA (Protocole d'accord). Ny mpanomponareo, Filoha Mpanampy FPMA tamin'izany, dia nihaona

nifanatri-tava tamin'ny Filohan'ny FLM Past Rakoto Endor Modeste. Tany Ambohibao Madagasikara toerana FLM. Nihaona ihany koa nifanatri-tava tamin'ny Filohan'ny FJKM Past Rasendrasina Lala. Tao amin'ny Birao FJKM Analakely Madagasikara. Samy tsy nanome tohiny amin'ny fangatahana fiaraha-miasa amin'ny FPMA (protocole d'accord) izy ireo.

– **Noho ny Fahasoavan' Andriamanitra sy Ny asan'ny FANAHY MASINA** kosa dia tsy maty na nianjera ny FPMA. Mijoro amin'ny fitohizan'ny fangathana "protocole d'accord" amin'ny FJKM sy FLM ny FPMA

#### **OHATRA A4: Sakana asan'ny nofo**

– Misy Tafo lasa Mivaky, noho ny asan'ny Fanahy ratsy eny amin'ny rivotra (multiplication par la division). Tonga hatrany amin'ny Synoda Lehibe (Synoda tany Toulouse ohatra) ny saika ho korontana. Nohenjehina mafy ny Past Synodaly tamin'izany, tamin'ny fotoan'androny.

– **Noho ny Fahasoavan' Andriamanitra sy Ny asan'ny FANAHY MASINA** kosa dia tsy maty na nianjera ny FPMA. Tsy avy amin'Andriamanitra ny asan'ny nofo sy asan'ny Fanahy eny amin'ny rivotra Fa Andriamanitra kosa dia "mampiasa ny zavatra rehetra hahasoia izay tia an'Andriamanitra". Na amantaonany aty aoriana aza vao miseho dia **MAHARESY HATRANY NY TOMPO** koa lasa manjaka ny fifankatiavana sy firaisana mandrakankehitriny;

#### **OHATRA B1: FPMA antsoin' Andriamanitra ho**

1) Fiangonana, 2) Protestanta, 3) Malagasy, 4) Aty Andafy hatrany amboalohany.

-**Sakana asan'ny nofo, asan'ny**

# Fizarana sy fijoroana vavolombelona

## Fanahy ratsy eny amin'ny rivotra:

Tena Fiangonana ve ny FPMA hoy ny sasany? Tsy misy mpitandrina voatokana tamin'izany; Tsy misy firehana teolojika tamin'izany; Tsy misy loko litorjika tamin'izany, Tsy misy vola,...

- **Noho ny Fahasoavan' Andriamanitra sy Ny asan'ny FANAHY MASINA** kosa dia tsy maty na nianjera ny FPMA fa mijoro. Misy AIM-PANAHY. Misy fitorianteny. Misy hatrany ny manolo-tena Katekomena koa lasa mpanay ny fanasan'ny Tompo. Vita ny fanokanana mpitandrina voalohany tao Versaille (na sarotra sy resaka be aza niakatra synoda lehibe). Vita ny firehana teolojika FPMA sosokevitra ny Soritr'Asam-piangonana (SAP) lanin'ny Synoda lehibe. Teraka ny isak'Alarobia fampianarana SAP KNPL (Komity Nasionaly Projet Laika), lasa SAP (mpiandraikitra) KNPL (lojistika), ireo mpampianatra ankehitriny dia SAP KNPL DVE VFL EDUCATION.

## **OHATRA B2: FPMA antsoin'Andriamanitra ho**

1) Fiangonana, 2) Protestanta, 3) Malagasy, 4) Aty Andafy hatrany amboalohany

- Sakana asan'ny nofo, asan'ny Fanahy ratsy eny amin'ny rivotra mampatahotra amin'ny alalan'ny vazaha na hafa: tsy hisy intsony ny FPMA afaka 15, 20 taona fa tsy miteny malagasy ny ankizy teraka aty andafy hoy ny sasany?

-**Nohony Fahasoavan'Andriamanitra sy Ny asan'ny FANAHY MASINA** kosa dia tsy maty na nianjera ny FPMA fa mijoro. Maro be ireo ankizy na dia teraka aty andafy aza, na dia tsy dia miteny Malagasy firy aza mazàna dia TSY MIALA NY FPMA rehefa tonga tanora sy lehibe (jereo ireto STK antsika). Nahoana? Satria tamàna amin'ny maha Malagasy izy ireo. Tsy ny teny Malagasy fotsiny, **fa ny Kolotsaina Malagasy, ny fiarahana samy tanora Malagasy, ny Fitomboana ao amin'ny Tompo ara-panahy samy ankizy Malagasy** (cellule de prière ados jeunes, tanora amin'ny sampana zava-maneno, STK,...)

## **III) "FA ISIKA TSY NAMAN'IZAY MIHEMOTRA"**

-Sakana asan'ny nofo, asan'ny Fanahy ratsy eny amin'ny rivotra:

Ry Diakona, Ry Biraon'ny Sampana, Ry Filoha/Filoha mpanampy/Biraon'ny Fiangonana, mbola be loatra ireo

izay rehefa tsy amperinasa intsony dia tsy hita intsony. Asan'ny FANAHY RATSY ENY AMIN'NY RIVOTRA izany. Ry Kristianina, mbola be loatra ireo izay tsy afaka fanadinana, manana olana fahasalamana, manana olana taratasy na olana hafa dia mihatoka manalavitra ny Tompo. Tsy hita intsony. Asan'ny FANAHY RATSY ENY AMIN'NY RIVOTRA izany.

-**Nohony Fahasoavan'Andriamanitra sy Ny asan'ny FANAHY MASINA** kosa dia VAVOLOMBELON'I KRISTY ISIKA. Sira fanasin'ny tany isika. Koa aza mihemotra. Fa ataovy toa Jesoa tao Getsemane.

Mahazo mitaraina amin'ny Tompo isika, "mangorohoro ny Fanahiko" hoy ny Tompo, Fa "Atao anie ny sitraponao". Dia zavatra telo no miseho: 1) Hamiratra ny voninahitr'Andriamanitra 2) Fahasoavana tobaka ho anao 3) Fahasoavana tobaka ho an'ny manodidina anao Amen.

## **Rafidinarivo Jean-Solo (Fidy)**

Birao Foibe teny aloha niraka tamin'ny Past Victor RAKOTOARIMANANA, Co-Fondateur FPMA, sy ireo Past Synodaly maro nifamdimby Filoha Mpanampy FPMA teny aloha Filoha Mpanampy Laika FPMA teny aloha

## Zaikabe Nasionaly 2019 Célébration de Dieu pour les 60 ans de la FPMA

### **LA FPMA REÇOIT AVEC DOUCEUR LA PAROLE QUI A ÉTÉ PLANTÉE EN ELLE**

« C'est pourquoi, rejetant toute souillure et tout excès de malice, recevez avec douceur la parole qui a été plantée en vous, et qui peut sauver vos âmes » Jacques 1 :21

Plus de 450 personnes ont assisté au Zaikabe à Sainte-Tulle du 1 au 3 Décembre 2019, Cet événement a aussi constitué l'occasion de clôturer les célébrations du 60ème anniversaire de la FPMA.

### **La FPMA a 60 ans en 2019**

En introduction, a été donné un rappel sur l'identité et l'histoire de la FPMA, moment opportun pour

retracer les événements fondateurs de la naissance de la FPMA : « *Voici, oh! Qu'il est agréable, qu'il est doux Pour des frères de demeurer ensemble!* » Ps 133.

Un temps de prière guidé par le Pasteur Synodal a ensuite suivi pour rendre grâce au Seigneur de ce parcours tout au long de ces années. En effet, nous sommes reconnaissants envers Lui, pour toutes les bénédictions déversées sur nos aînés qui ont pris l'initiative de fonder la FPMA, et sur toutes les personnes qui ont pu recevoir cette vie en abondance à travers la FPMA.

Rappelons aussi que les fondateurs de la FPMA ont voulu créer une Eglise unie et unificatrice et qu'en cela, la FPMA a établi les prémices de l'union des Eglises protestantes malgaches.

Si la FPMA a été bénie, elle a fait face et continue de rencontrer également différents obstacles :  
- de nature humaine et charnelle : 1Cor 3.1-2,  
- théologiques et ecclésiologiques : Rom 6.3-4, 1Cor 3.16,  
- identitaires : Gal 3.27,  
- éthiques : Eph 4.1.

Les témoignages de nos aînés illustrent ces moments d'épreuves. Nous avons ainsi consacré un temps pour demander au Seigneur de nous pardonner toutes nos iniquités.

À la lumière du chemin parcouru et dans le contexte actuel qui en a émergé, plusieurs interrogations s'élevèrent pour notre Eglise, mises en avant lors de 3 conférences, animées par des pasteurs, qui ont rythmé ce Zaikabe :



## Les 3 conférences :

D'abord,

**« Comment développer la bonne réception de la Parole avec douceur dans l'Interaction intergénérationnelle ? » (par Pst Jean-Teddy Ramaherijaona, Conseiller du Bureau Central)**

La parole a été plantée au sein de la FPMA qui doit veiller à son application. Les 3 générations (cf Lettre Mensuelle Septembre) qui composent la FPMA ont toutes reçu la parole. La problématique réside dans la répercussion dans la vie de l'Eglise et envers la société.

- L'Eglise et ses membres doivent renouveler sans cesse l'accueil de la parole qui est source de salut, afin de se développer et de grandir, par le même moyen qui les a fait naître à la vie véritable (1 Thessaloniens 1,6 / Actes 2,41-47).

- L'accueil de la parole en soi exige un caractère et une conduite appropriés de notre part. C'est l'Esprit de Dieu qui renouvelle notre esprit et produit en nous le fruit digne de notre repentance (Galates 5,22).

- Enfin chaque chrétien renouvelé doit trouver sa place dans l'Eglise et celle-ci, à son tour, doit accorder une place pour tous les dons et tous les ministères qui édifient l'assemblée. Ainsi, les chrétiens doivent-ils être formés en vue de leurs ministères respectifs pour préparer la FPMA pour les 60 ans à venir (voir, 2 Timothée 2,1-2).

Ainsi nous pouvons nous référer à Actes 2,42-47 qui retrace justement le développement de l'accueil de la parole divine au sein de l'Eglise primitive.

Le message fort de cette intervention se résume ainsi en ces trois mots : Parole, Douceur et Formation.

Dans la suite logique, la deuxième interrogation qui se pose à nous, s'inscrit dans le futur de la FPMA, ainsi formulée :

**« Comment recevoir la parole avec douceur afin de construire une identité morale pour la FPMA dans les 60 années à venir » (par Pst Seth Rasolondraibe, Président de la FPMA)**

En tant qu'église protestante historique (réformée et luthérienne), la FPMA est confrontée à différents problèmes : de la transmission de la foi au déclin des églises protestantes historiques. En outre, elle n'est plus la seule église protestante unie en France puisque dorénavant toutes les tendances religieuses malgaches existent sur le territoire français. S'ajoutent les problématiques plus profondes : est-ce que nous avons assez de foi ? L'effectif des pasteurs au sein de la FPMA est insuffisant. Nous ne possédons pas nos propres locaux. Nous n'avons pas assez de moyens financiers. La question qui se pose alors est : « Est-ce que nous avons les moyens pour accomplir notre vocation ? ».

C'est l'histoire qui jugera la FPMA, comme dans cette situation que Jésus lui-même a racontée dans Luc 18 :1 – 8 : le juge et la veuve.

Par dessus tout, face aux défis qui nous attendent, Jésus attire notre regard vers Le Père : Luc 18.7 « **Et Dieu ne fera-t-il pas justice à ses élus, qui crient à lui jour et nuit, et tardera-t-il à leur égard ?** ».

Nous devons construire notre identité morale autour de ces

3 axes, que la réforme a mis en exergue : la grâce seule, la foi seule, les écritures seules (Luc 18.9-14). La persévérance et la lutte contre le découragement sont indispensables dans la prière pour répondre à notre vocation.

Enfin, pour préparer l'avenir de notre Eglise, il est indispensable que les chrétiens de la FPMA soient formés à leurs ministères respectifs .

Dès lors nous devons réfléchir à ce qui convient à notre église :

Quelles formations mettre en place pour les pasteurs, les responsables et les paroissiens pour permettre à chacun de répondre aux appels de dieu ? (par Pst Elysée Andriamiandra, Président de la Commission des Ministères) Texte de base : Ephésiens 4:1-16.

La FPMA est appelée :

- en tant que prémices de l'union des Eglises Protestantes Malgaches : I Cor.1:9, 8, 10, 12-13, I Cor.3:21-23, Eph 4:14,

- pour vivre une communion en mission :

- en communion : Jean 17.21; Mat.22.37,39 cf. Phil.2.1-4,

- en mission intérieure qui se développe vers l'extérieur : Actes 1:8,

- pour guérir les malades, ressusciter les morts, purifier les lépreux, chasser les démons (Mat 7.10). Dieu a donné à l'Eglise la puissance de Sa Parole pour accomplir Ses œuvres et afin de nous guérir de l'orgueil et de guérir l'orgueil des autres d'une part, mais également pour guérir de la dureté des cœurs, de l'œuvre de la chair (Gal 5. 19-21), de l'animosité ( 1Pie.3.8-9), et de l'hypocrisie des

œuvres (Mat.7.21-27) d'autre part.

La FPMA reconnaît que tous les croyants accèdent au Sacerdoce universel. Ses ministres sont ordonnés/consacrés. Ces ministres doivent être de qualité pour bien équiper et accompagner les dirigeants, les responsables et les saints (2Tim.3.16) sur la base de « Sola scriptura et Tota scriptura », afin de faire vivre dynamiquement la communauté (Mat.20.25-28). Ces croissances individuelles contribuent à celle de l'Eglise. Ainsi, nous apportons au monde la guérison à travers la parole prêchée avec douceur (1 Pie.2.1-5. Cf 1.23).

La conclusion de cette troisième conférence est que la FPMA doit définir quels sont les besoins afférents à ses différents ministères, afin de bien former et accompagner ses ministres.

## Les ateliers

Ces trois conférences ont été suivies de différents ateliers. Les participants au Zaikabe ont été répartis en plusieurs sous-groupes, reflétant les différentes générations de la FPMA. Chaque groupe a reçu des questionnaires qui lui étaient propres, préparés à l'avance par les différents Départements et Commissions au sein de la FPMA : Projet d'Eglise (SAP) et Vaomiera Fiainana ny Finoana ary Fitomboana (V3F), Vie d'Eglise (DVE), Projet Laïc (KNPL), Département Education et Instruction, Commission Doctrine et Liturgie (VFL), Commission Langue Malgache (VFTM) et la Section École de Dimanche (SA). Des défis importants ont émergé, notamment lors de ces ateliers où tous, jeunes et moins jeunes se sont exprimés pour le futur de la FPMA :

◆ le défi de la langue et le choc des cultures : faire cohabiter harmonieusement notre langue d'origine et le français, nous appuyer sur notre bi-culturalité qui est notre richesse et aussi notre défaut,

◆ Former les paroissiens membres : formation indispensable de cadres laïcs pour seconder nos pasteurs, rappel des outils existants déjà.

◆ Les formations souhaitées pour nos pasteurs : études et formations spécifiques conformes

aux valeurs et règlements propres à la FPMA. Il a été souligné le manque de moyens financiers pour ce projet.

◆ L'importance d'une cellule familiale unie dans la prière, base du maintien et de la transmission de La Parole dans l'Eglise (cultes personnel et familial)

◆ L'intergénérationnalité : 3 générations cohabitent au sein de la FPMA. Elles doivent apprendre à rester unies dans l'amour fraternel



et l'obéissance à la Parole pour la poursuite de notre mission.

Ces ateliers feront l'objet de compte-rendu détaillés. Les différents sujets et problématiques remontés seront adressés par les différentes instances citées plus-haut lors des formations hebdomadaires du mercredi dispensées par lesdites instances.

## Liturgie D et Jubilé 60 ans

Lors du culte de clôture, la FPMA a pu expérimenter cette nouvelle liturgie qu'on appelle « liturgie D ». Cette liturgie, proposée par la Commission Doctrine et Liturgie, améliorée par la Pastorale (FMM), fera l'objet d'une adoption lors de notre prochain Synode en Novembre 2020 qui se déroulera en région parisienne.

## Les 60 prochaines années de la FPMA

La FPMA mènera le bon combat de la foi face à ces défis. Le Zaikabe a constitué l'occasion privilégiée pour porter les sujets suivants en prière au Seigneur :  
- les obstacles à notre projet (manque d'effectif de nos Pasteurs, nos cultes et notre témoignages intérieurs, engagement financier, l'écoute, la langue malgache ...)  
- la vie des sections, départements et commissions (trouver des activités justes et édifiantes, que chacun trouve sa place, vivre la communion en mission ...).

La FPMA a pu élever en toutes choses sa profonde gratitude à Dieu, et adresser ses remerciements aux différentes personnes qui ont concocté le logo et le chant du

Jubilé 60. Le logo a été dessiné par Alliance Razafimahefa (Commission Numérique de la STK Nationale). Quant au chant, s'il a été initialement composé par le Pasteur Donald Gizy (FPMA Annemasse), les personnes suivantes ont apporté par la suite leur contribution : Pst Charles Rakotondramana (FPMA Montpellier/AMF), Liva Rakotondratsimba (FPMA Lille/AMF Nasionaly), Christian Ratoanina (FPMA Paris), Jesy Andrianoro (FPMA

Port-Royal-Arago/AMF), Tefisoa Randrianarivony (FPMA Avignon), Hasina Ramaroson (FPMA Avignon), Liantsoa Rasolonirina (SZMNasionaly).

## Accueil et Organisation du Zaikabe

Nous remercions la Région Sud-Est, conduite par le pasteur coordinateur Christian Randria et son président Lova Rakotoarivony, et l'ensemble des différentes commissions représentant les 7 paroisses pour leur accueil chaleureux, et pour la bonne organisation de l'événement. Nous souhaitons souligner la forte mobilisation et l'implication des jeunes de la région. Ceci est le témoignage de l'union et de la communion dans le service d'une église intergénérationnelle.



Propos recueilli par Sarobidy Razafimahatratra, Lalaina Ramarotafika, Rado Ramarotafika